



"Tamin'ny 1998 no nahafantarako ny ATD Quart Monde. Tany am-boalohany, rehefa nitarika ahy hirotsaka ny mpikambana dia hoy aho hoe: ahoana no hahafahako manampy ny hafa nefa izaho aza sahirana. Mafy ho ahy loatra manko ny fiainana ka noheveriko ho ny mpanan-karena ireny ihany no afaka manampy ny hafa. Tsy manome fanampiana ara-pitaovana sy ara-bola ny Fikambanana, hoy ny mpikambana iray, fa ara-torohehevitra.

Ankoatra ny fanentanana vakiboky an-kalamanjana dia niaraka sy nanohana ny ray aman-dreny tena sahirana izahay tamin'ny fanaovana sora-piankohonan'ny zanany sy ny fahasalamany. Niara-nianatra peta-kofehy izahay, namangy fianakaviana mpikatroka.

Tsapako niandalana teny fa azo atao tsara ny mifanampy amin'ny alalan'ny fifampizarana traikefa amam-pahaizana..... Nanosika ahy handeha hihaona amin'ny olona sahirana kokoa noho izaho izany ... Mijanona ato aho satria tsapako fa tsy mbola mifarana ny tolona. Rehefa mitolona dia manantena handresy.

Naneho fankasitrahana feno ny mpikambana Ramatoa talem-paritry ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy tamin'ny kabary nataony noho ny fikatrohan'izy ireo amin'ny firotsahany



### Fifampiarahabana tratry ny taona



Nifampiharaba tratry ny taona tao amin'ny tranon'ny Fikambanana tao Ambohibao ny mpikambana ATD Quart Monde ny 26 Janoary 2019. Miisa 200 ny tonga nanoina ny antso, anisan'izany ny ankizy sy ny tanora. Nandritra ny teny fandraisana sy firarintsoa nataon'i Marcelline no namintinany ny asa nataon'ny Fikambanana nandritra ny taona 2018 ary izany dia narahina fanehoana an-tsary. Nofaranany tamin'ny fampahatsiahivana ny tokony hivondronana sy hamondronan-kery manoloana ny ady atao ny fandraisam-pitenenany. Ny vaovaom-paritra no nentin'i Amélie ary ny vaovao sy ezaka ataon'ny Fikambanana maneran-tany handalinana ny lafim-pahantrana amin'ny endriny rehetra kosa no nozarain'i Bruno DULAC. Nanaraka izany ny fampahafantarana ny mpikambana vaovao tao amin'ny Ekipa sy ny mpiofana. Fiaraha-miala hetahetan'ny mpianakavy no namaranana ny fankalazana

Contact : mada@atd-quartmonde.org - 034 14 910 41 - 034 08 680 40



### SAVARANONANDO

#### Mbola mieritreritra ny tany nampanantenaina ve ireo fianakaviana rava trano ?

Rehefa avy nafindrandra tetsy sy teroa ireo fianakaviana eny Andramiaranana dia afaka nanangana trano biriky nandritra ny 15 taona nonenany teny noho ny fikirizany sy ny fanampiana "cash transfert" azony. Volana vitsivitsy anefa izay, dia trano 18 no narodana noho ny fanamboaran-dalana. Na nanome, biriky aza ny Sinoa manao ny foto-drafitrasa hahafahan-dry zareo manorin-trano any amin'ny toeran-kafa, dia mipetraka ihany ny olona ... " Tsy manohitra ny soa iombonana izahay, hoy ity renim-pianakaviana iray, fa mba tokony haverina aminay ny onitry ny laninay tamin'ny fanorenan-trano, tokony homena tany izahay hahafahanay manana toeram-ponenana mendrika". Niara-nidinika tamin'ireo fianakaviana ireo ny ekipa. Fianakaviana 14 amin'ny 18 rava trano no nahazo ny "cash transfert". Inona no karazam-panampiana mety hangatahina amin'ny AFD sy UNICEF? Inona no vahaolana maharitra azo atao? Raha hiteny amin'ny mpitondra eo an-toerana dia tsy maintsy hiresaka an'Andranofeno izy ... Aiza ho aiza izao io tetikasa toa lalaovin'ny mpitondra io? Toa ohatra ny tsy vahaolana mihitsy io tany nampanantenaina io. ...

RAMANANTSARA Marcelline



#### Fialambolin'ny mpianakavy.

Ny 26 mey 2018 no nanatontosan'ny ATD Quart Monde ny andro fialambolin'ny mpianakavy tany amin'ny "espace Soatiana" Imerintsiatosika, 30 km andrefan'ny renivohitra. Sady fotoana fitsangantsanganana nahafahan'ny fianakaviana efa trotraky ny fiainana nanovo hafaliana amampianana ary fanamafisam-pihavanana amam-piraisankina



ho an'ny mpikambana io no fotoana mamy nifampazaràn'ny rehetra. Ny tapakandro maraina dia nisy fifanakalozan-kevitra isan-tsokajy nandiniana ny toe-java-misy ara-tsosialy mifandraika amin'ny fahantrana lalina sy ny Zon'olombelona. Ny tolakandro kosa dia lalao isan-karazany: zumba, dihy, kilalao, baolina, fakan-tsary ary fanaovana hosodoko no namarana iny tontolo andro nahafinaritra iny.

#### Miandalana ny firotsahako



Natao tany Mahajanga ny fifampizaràm-piofanana momba ny fanentanana vaky boky an-kalamanjana ny 6-12 May 2018. Mba hahafahana mandrindra tsara ny fizotry ny fiofanana dia nifandinika aloha ny rehetra tao amin'ny ekipa. Ny tanjon'io fihaonana io moa dia ny mba hifampizaràna traikefa. Nanao fijoroana vavolombelona amin'ny firotsahany eo anivon'ireo tena sahirana ny mpanentan iray. Nisy koa fanehoana an-tsary ny famakiam-boky an-dalambe tany Philippines.



*"Mandeha miandalana ny firosahako ato amin'ny Fikambanana ary arakaraka ny ifaneraserako amin'ireo mpikambana, na ny avy any Antananarivo na ny eto Mahajanga no ahafantarako bebe kokoa ny Fikambanana. Ny fiofanana toy itony dia tena ilaina tokoa satria manampy hahafantarana azy misimisy kokoa".*

### VAOVAO IRAISAM-PIRENENA

#### Fitaovana mahomby iadiana amin'ny fahantrana sy fanavakavahana ny fanabeazana

Nisy seminera iraisam-pirenena natao ny 11-15 Jiona 2018 tany amin'ny Foibe Iraisam-pirenenan'ny Fikambanana ATD Quart Monde. Fifampizaràna sy famakafakana lalina ireo fahaizana vokatry ny traikefam-

panabeazana no tanjona tamin'ny fihaonana. Maro ny firenena tonga naneho tantara na tolona iray nahitam-pahombiazana mampiseho ny fahafahan'ny ny zaza rehetra mianatra. Nandray anjara koa i Madagasikara tamin'ny tantaran'ny herimpon-jazavavy kely iray naniry mafy ny hianatra. Noho ny fifanampian'izy samy ankizy TAPORI sy ny mpikambana ary ireo mpanentana dia tratrany ny tanjona niriny. Samy resy lahatra ny rehetra fa fitaovana mahomby iadiana amin'ny fahantrana sy fanavakavahana ny fanabeazana. Nampirisika ny mpandray anjara rehetra hanohy ny firosahany izany.



#### Fankalazana ny volan'ny ankizy



Ny 29 jiona 2018 no nofidian'ireo mpikambana ao amin'ny PFSCE (Plate-Forme de la société civile pour l'Enfance) hankalazana ny volan'ny ankizy teny amin'ny zaridainan'Andohalo. Ankizy 349 tamina Fikambanana 17 no nandray anjara tamin'izany ka 30 miaraka amin'ny mpanentana ny avy ao amin'ny ATD Quart Monde. Maro ireo hetsika natao ho fampahafantarana ny zon'ny ankizy. Nandray anjara tamin'ny hetsika rehetra ny ATD Quart Monde. Anisan'izany ny fifaninanana sary nanehoan'ny ankizy ny trano nofinofisiny hananana rahatrizay. Hoy i Tiana mpanentana:

*"Tena hita taratra tamin'ny sary nataon'ny ankizy ny faniriany honina amin'ny trano tsara. Hira sy dihy no nandravaka ny fotoana. Nisy ankizy vitsivitsy nanao fijoroana vavolombelona mikasika ny zon'izy ireo tsy voahaja eo amin'ny fiainany andavandro. Nibitaka ery ry zareo noho ny fananany herim-po haneho hevitra teo anoloan'ny olona marobe.*

#### Fitsangantsanganana anovozam-pahalalàna

Nanao fitsidihana ara-pedagogika teny amin'ny rovan'Ambohimanga ny ankizin'ny BDR Andramiarana, sy ny TAPORI Antohomadinika ary ray aman-dreny sy namana vitsivitsy ao amin'ny Fikambanana avy amin'ireo kartie roa ireo ny Asabotsy 14 Jolay 2018. Nahazo tombony manokana ireo ankizy tamin'ny fisian'ny mpitari-dia, hany ka nanongilantsofina daholo izy rehetra. Tena nahafaly andry zareo tokoa iny fivoahana iny satria tsy



mba nanana fahafahana hitsidihana io toerana lazaina ho manan-kasina io mihitsy ry zareo. Nankafy ny hatsaran'izay rehetra hitany sy ny hakanton'ny endriky ny tanànan'Antananarivo tazanina avy eny amin'ny tendrombohitr'Ambohimanga ny rehetra. Tratra ny tanjona satria sady nianoka fotoana mamy no nanokatra ny saina tamina kolontsaina hafa. Mankasitraka ny ray aman-dreny niara-niasa taminy tamin'ny fanomanana ity fitsidihana ity ny ekipa mpanentana ny ankizy.

#### Andro Iraisam-pirenenan'ny tanora

Natao teny amin'ny tranon'ny Fikambanana eny Ambohibao ny Asabotsy 11 Aogositra ny fankalazana ny Andro Iraisam-pirenenan'ny Tanora. Maro no nanoina ny antson'ny Tanora ATD Quart Monde. Anisan'izany ny tanoran'ny Fikambanana mpiara-miombonantoka, ny fiaraha-monim-pirenena ny mpianatry ny Polytechnique Ambaratonga Ambony eny Vontovorona Antananarivo. *"Tanora miray hina mba handray antanana ny hoaviny"*. Io no lohahevitra nofidin'ny tanoran'ny ATD Quart Monde tamin'io fankalazana io. Lohahevitra notsoahina tamin'ny tanjona ankapoben'ny Fikambanana momba ny tanora. Manampy ny tanora mpikambana amin'ny fikaroham-piofanana fizàrana asa ny Fikambanana sy ny mpiara-miombonantoka aminy ka ireo tena osa indrindra no nanombohana ny fankalazana



#### Fiofanana hahafantarana bebe kokoa ny Fikambanana



#### Stage de découverte

Ny 04 Mey ka hatramin'ny 04 Novambra 2018 dia nisy tanora 5 nanaraka fiofanana isan-tapak'andro nandritra ny enim-bolana tao amin'ny ATD Quart Monde. Izy ireo dia efa mpikambana fa naniry ny hahafantatra misimisy kokoa ny Fikambanana. Nisongadina ny herim-po sy finiavana nananan'izy ireo teo am-panatanterahana ny atrikasa rehetra mba hanatrarany ny tanjona, Mirary azy ireo handroso hatrany amin'izany firosahany izany isika

#### Izay vao tsapako fa azo atao tsara ny mifanampy amin'ny alàlan'ny torohevitra....

Nankalaza ny tsingerintaona faha-20 nijoroany ny ATD Quart Monde Toliara ny 8 Jiona 2018-7 Desambra 2018. Natao ny 8 Jiona ny fanokafana ary ny 7 Desambra ny famaranana. Nisy hetsika isankarazany natao nandritra izany: famelabelarana arahina adihevitra, varavarana misokatra, diabe.

Notanterahina tamin-kafaliana tao amin'ny Lapan'ny Tanànan'i Toliara teo anatrehan'ny manampahefana sy ny mponina na ny fanokafana na ny famaranana ny fankalazana. Tamin'ny fotoam-panokafana dia nanao fijoroana vavolombelona ny renimpianakaviana iray ka hoy izy:

